

# DEMANDER ET DONNER UNE PERMISSION

## / MIERA SY MANOME ALALANA

Misy fomba fiteny maromaro azo ampiasaina entina miera na mangataka alàlana hanao zavatra amin'ny teny Frantsay. Ireo fiteny tena mahazatra ampiasaina amin'ny fiainana andavanandro sy ireo izay fampiasa amin'ny sehatra arak'asa dia hojerena avokoa ato anatin'ity lesona ity.

### Demander une permission / Miera

Mampiasa verbe "pouvoir"

- **Puis-je** aller aux toilettes ? / Afaka mandeha any amin'ny trano fidiovana ve aho ?
- **Puis-je** ouvrir la porte ? / Azoko vohana ve ny varavarana?
- **Puis-je** utiliser votre ordinateur, s'il vous plaît ? / Azoko ampiasaina ve ny ordinatoranao, azafady ?
- **Pourrais-je** vous poser une question ? / Afaka mametraka fanontaniana aminao ve aho ?
- **Pourrais-je** parler au Directeur ? / Afaka miresaka amin'ny Direktera ve aho ?
- **Est-ce que je peux** allumer la lumière, s'il vous plaît. / Azoko arehitra ve ny jiro, azafady?
- **Est-ce que je peux** sortir pour jeter ceci à la poubelle ? / Afaka mivoaka manary an'ity ao amin'ny fitoeram-pako ve aho ?
- **Est-ce que je peux** entrer ? / Afaka miditra ve aho ?

Mampiasa verbe "permettre" ("permettre que..." izay mitaky subjonctif)

- **Est-que vous permettez que** je fume ? / Avelanao mifoka sigara ve aho ?
- **Est-ce que tu permets que** je prenne ta voiture ? / Avelanao ho entiko ve ny fiaranao ?
- **Permettez-vous que** mes enfants participent à cette compétition ? / Avelanareo handray anjara amin'io fifaninanana io ve ny zanako ?

Ankoatra izay efa hita etsy ambony, dia ireto ihany koa misy fomba fiteny hafa azo ampiasaina entina mangataka alàlana na miera amin'ny teny Frantsay.

- **Je voudrais** éteindre la lumière, s'il vous plaît. / Tiako hovanoina ny jiro raha mety aminao.
- **Je voudrais** rencontrer le Président, si possible. / Mba te hihaona amin'ny filoha aho raha mety.
- **J'aimerais** partir avant 6 heures, si possible. / Te hiainga alohan'ny amin'ny 6 aho raha mety.
- **J'aimerais demander si** je peux stationner ici. / Mba saika hanontany aho hoe afaka mijanona eto ve ?
- **Ça te dérange si** je te passe un coup de fil ce soir ? / Tsy mampaninona anao ve raha miantso aho rahariva ?
- **Ça vous dérange si** je garde mon vélo ici ? / Tsy mampaninona ana ove raha ajanoko eto ny bisikiletiko ?

**pouvoir:** afaka

**aller:** mandeha

**toilette:** trano fidiovana

**ouvrir:** mamoha

**porte:** varavarana

**ordinateur:** ordinatora

**s'il vous plaît:** azafady

**poser:** mametraka

**question:** fanontaniana

**parler:** miresaka

**directeur:** direktera

**allumer:** mandrehitra

**lumière:** jiro, hazavana

**sortir:** mivoaka

**jeter:** manary, manipy

**poubelle:** fitoeram-pako

**entrer:** miditra

**permettre:** mamela

**fumer:** mifoka sigara

**prendre (v prendre):** mandray

**voiture:** fiara

**prendre une voiture:** mitondra fiara

**enfant:** zanaka, ankizy

**participer:** mandray anjara

**compétition:** fifaninanana

**éteindre:** mamono (jiro, radio...)

**rencontrer:** mihaona

**président:** filoha

**si possible:** raha mety

**partir:** miainga

**avant:** alohan'ny

- **Ça vous ennue si** je quitte le travail plus tôt, aujourd'hui. / Tsy maninona ve raha mirava aloha aho androany ?
- **Çela ne vous ennue pas que** je ferme les fenêtres ? / Tsy mampaninona ve raha hidiko ny varavarankely ?
- **Ça t'embête que** je vienne chez toi, cet après-midi ? / Manelingelina anao ve raha mankany aminao aho androany tolakandro ?
- **Ça vous embête si** j'emène mon petit frère ? / Manelingelina anao ve raha entiko ny zandriko lahy ?
- **Est-il autorisé d'**entrer dans l'enceinte de l'école ? / Azo atao ve ny miditra ao amin'ny faritry ny sekoly ?
- **Est-il autorisé d'**afficher un poster sur les murs de ce bâtiment ? / Azo atao ve ny mametraka peta-drindrina amin'ny rindrin'ity trano ity ?
- **Je vous demande la permission de** me retirer, si possible. / Mangataka alalana mba hiala aho raha mety.
- **Je vous demande la permission de** passer la nuit avec ma famille. / Mangataka alalana aminao aho mba hiara hatry amin'ny fianakaviako.

### Répondre / Mamaly

- Bien sûr, vas-y. / Tsy maninona mihitsy, fa mandehana.
- Oui, avec plaisir. / Ie, tsy maninona mihitsy.
- Il n'y a pas de problème. / Tsy misy olana.
- Pas de problème. / Tsy misy olana.
- Pas de soucis. / Tsy misy olana.
- D'accord. Ok / Eny ary, mety.
- Avec joie. / Am-pifaliana.
- Je suis désolé mais vous ne pouvez pas. / Miala tsiny aho fa tsy afaka ianao.
- Je regrette mais ce n'est pas permis. / Malahelo aho milaza aminao fa tsy azo atao izany.
- Je m'excuse mais je ne peux pas accepter votre demande. / Miala tsiny aho fa tsy afaka manaiky ny fangatahanao.

**stationner:** miantsona

**ici:** eto

**passer un coup de fil:** miantso an-telefaonina

**ce soir:** androany hariva

**garder:** mitahiry, miambina

**vélo:** bisikilety

**quitter:** miala, mandao

**travail:** asa

**quitter le travail:** mirava miasa

**plus tôt:** aloha kokoa

**aujourd'hui:** androany

**fermer:** manidy

**fenêtre:** varavarankely

**viene (v venir):** avy, tamy

**chez toi:** any an-tranonao

**cet après-midi:** androany tolakandro

**emmener:** mitondra olona miaraka amin'ny tena

**petit frère:** zandry lahy

**entrer:** miditra

**enceinte:** faritra

**école:** sekoly

**afficher:** mametaka peta-drindrina

**poster:** peta-drindrina

**mur:** rindrina

**bâtiment:** trano

**se retirer:** miala, mitsoaka

**passer la nuit:** mandany ny alina

**famille:** fianakaviana, ankohonana